

IMANJAIBOLA

Nr<sup>o</sup> tantarany IMANJAIBOLA

---

- 1- Imanjaibola Andriamanitra, dia avy any Inenabe andrefana.
- 2- Tamin'Andriampoininerina, dia niakatra alina hanatona azy teny Ambohimanga ny Sakalava, ka nony tonga teo Ambohimanga izy, dia mba<sup>o</sup> napaka-teny hoe .
- 3- "Lavi-dàlanà leha lahy izahay ka nitady ny tompon'ny tany, ka eto no tazanay misy ny valamena, ka avy manontany izahay : Eto ve no misy an'Andriampoininerina sa aiza, fa renay ny lazany, ary moa vala-menan' iza ity ?
- Dia hoy ny tompon-tany nanontaniany :
- "Manao inona aty hianareo no manontany ny Mpanjaka toy izany, nefa tsy mahalala ny lapany kory sady hafahafa fiteny ?
- Sakalava :
- "Anontanianay mba harahinay.
- <sup>o</sup>Tompo-tany :
- "Izy tsy manan-draharaha aminareo, fa mialà fa <sup>o</sup>androa levona aty hianareo.
- Sakalava :
- "Moa mahadiso ve ny manontany toy izany ?
- <sup>o</sup>Tompo-tany sasany :
- "Marina anie ny azy manontany fa tsy mirabaraba foana e, fa manontany te-hahita ny fotony.
- "Izany no lohiko, (arahiko) hoy ilay sakalava.
- Sakalava :
- "Ity e, valamen'iza no tsy ambaranareo ?
- Tompo-tany :
- "Raha hianao nihevitra izao fombany rehetra izao aza, rangahy ; iza no olombelona hanana toy izao raha tsy Andriampoininerina tokana.

L'Histoire d'IMANJAIBOLA

Divin Imanjaibo a est originaire du Menabe occidental. -1

Sous le règne d'Andrianampoinimerina, les Sakalaves se rendirent, de nuit à Ambohinanga pour le rencontrer. Et quand ils arrivèrent à Ambohinanga, ils lui firent transmettre ce message : -2

"Nous avons fait un long voyage à la recherche du maître de la terre ; or c'est ici que nous voyons qu'il y a une enceinte royale ; aussi demandons-nous : -3

Est-ce bien ici que est Andrianampoinimerina, ou bien ailleurs ? Nous avons, en effet, entendu parler de sa célébrité. Et à qui est donc bien cette enceinte royale ?".

L'autochtone interrogé répondit :

- "Pour quelles raisons posez-vous de telles questions sur le (au) Roi, tandis que vous ne connaissez même pas son palais et que vous avez un parler bizarre ?

Les Sakalaves :

- "Nous nous enquérons de lui afin de pouvoir le suivre.

L'autochtone :

- "Il n'a rien à faire avec vous ; alors partez de crainte qu'il ne vous arrive un malheur.

Les Sakalaves :

- "S'enquérir ainsi, est ce donc une faute ?

Quelques autochtones :

- "Il est bien normal qu'ils interrogent et qu'ils n'agissent pas sans réflexion, car qui interroge, veut découvrir le fond des choses.

- "C'est bien ce que je désire, dit le Sakalava.

Le Sakalave :

- "Et cette enceinte royale, à qui est-elle que vous ne nous le disiez pas ?

L'autochtone :

- "Vous-même, Monsieur en considérant tout cela ... Quel est l'honneur qui pourrait posséder une telle chose si ce n'est le seul Andrianampoinimerina.

Sakalava :

- "Izany indrindra ange no tadiavinay ho fantatra mazava.

Tompo-tany :

- "Ka inona ary no itadiavanareo azy izao ?

Sakalava :

- "Tsy mitady hanao zavatra hafa izahay, fa hanatitra Andriamanitra ho azy.

4- Dia nihomey ilay <sup>o</sup>tompo-tany, ka <sup>o</sup>nanao hoe :

- "Sakalava mitomantonan-poana ireto : Aiza ialahy no hahita Andriamani-tra haterin'ialahy eo ?

Sakalava :

- "Aza nivily vava moa hianareo, haniko hongotrao, (tongotrao) fa mba tariho lâlana izahay ho any amin'Andrianampoinimerina, hanambara izay fantatra sy hilaza izay hita aminy.

5- Dia hoy ilay lehilahy tsimiamboholahy anankiray (fa tsimahafotsy ilay niavonavona teo) :

- "Marina kanjo izany rangahy, fa ny soa tsy lany aman-tany, ary ny rariny tsy azo tsy aran'olona, ka andeha hianareo ho entiko any.

6- Ary nony tonga teo ambavahadin-drova izy, dia <sup>o</sup>napaka-teny hoe :

- "Olon-davitra lany izahay, ka tonga tsy hanao ratsy, fa hoavy hanambara ny marina amin'Andrianampoinimerina, - izany no mba lazao amin'Andrianampoinimerina.

7- Dia hoy ny tandapa :

- "Izay fohy izany niany ve ry Ingahy ?

- "Eny, hoy ny Sakaava.

- "Tsy hisy hilaza zany teny tsy misy fotony izany ry Ingahy, hoy ilay tandapa, sady nihodina hiala izy.

8- Dia nandrahona azy koa ny mpiambina hoe :

- "Mpisafon'ny hianareo, fa sady hafa fiteny no hafa tarehy.

Le Sakalave :

- "C'est bien cela que nous cherchions à savoir clairement.

L'autochtone :

- "Maintenant que lui voulez-vous donc ?

Le Sakalave :

- "Nous ne voulons rien faire d'autre que de lui apporter un Dieu.

L'autochtone rit et dit :

-4

- "Voilà bien des Sakalaves qui se trompent de porte. Où donc toi, aurais-tu trouvé le Dieu que tu apporterais ici ?

Le Sakalave :

- "Ne détournez donc pas la conversation, je lècherai vos pieds, mais montrez-nous le chemin jusqu'à Andrianampoinimerina pour lui annoncer ce que l'on sait et lui dire ce qu'on a vu.

Alors un tsimiambokolahy (car c'était un tsimahafotsy qui avait auparavant fait le fier) dit :

-5

- "Vous avez évidemment bien raison, Monsieur, car la terre recèle des biens inépuisables et la source de la perfection ne peut venir que des hommes. Alors venez que je vous y conduise.

Et quand ils arrivèrent à la porte de l'enceinte royale, ils firent porter ce message :

-6

- "Nous sommes des hommes venus de loin, et nous ne sommes pas venus pour faire le mal, mais pour vous révéler la vérité à vous, le Roi, maître de la terre ; - dites bien cela à Andrianampoinimerina.

Les gens du palais dirent :

-7

- "C'est bien court, est-ce tout, Monsieur ?

- "Oui, dit le Sakalave

- "Personne ne transmettra ces propos sans fondement, Monsieur, dit ce tandapa, tout en se détournant pour s'en aller.

Le garde le menaça aussi par ces mots :

-8

- "Vous êtes sûrement des espions, car votre façon de parler tout autant que votre allure sont d'ailleurs.

- 9- Dia hoy ireo Sakalava ireo :
- "Olombitibitika (vitsivitsy) hanay ka ho fahavalon'ny Mpanjaka ve ?
- Dia hoy ny tompoko tany sasany :
- "Marina ny azy, fa olom-bitsy ireo tokoa izy ka ho sahy hanao hafa-hafa aty, angaha izy tsy mba tia ny ainy, fa andeha lehiretsy ho la-zaina °amy ny Andriana ny teniny fa mahantra izy, fa manariva andro foana eto.
- Dia nisoatsoatra azy ilay Sakalava sady faly.
- 10- Rehefa nahazo fisaorana ny mpiambina, dia lasa nilaza °tany ny Andriana hoe :
- "°Tarantitra asa marofy hianao, tompoko, Mifanantera °amy ny Ambanilanitra, hangidy lavitry ny faty, fa mamy ho tian'ny rariny hiadanan'ny Ambanilanitra.
- 11- Misy olom-bainy mitady anao ao, tompoko, ka niberoberoka ny fiteniny, nefa nba fantatray hiany ny teniny indraindray.
- 12- Dia hoy ny Andriana :
- "Olona °toinona izany, ry lehiretsy ?
  - "Olona tsara-tarahy, tompoko, fa mainty hoditra sy lavalava tarehy.
  - "Andeha ary akare izy ho hitako.
- 13- Dia lasa ny iraka hampiditra ireo Sakalava ireo, ka nilaza hoe :
- "Miakara ary hiarareo, antsoin'ny Andriana.
- Dia niakatra ny Sakalava, ka teo Ampahinasina no nihaonany tamin'Andriana nampoinimerina. Dia nanao °tsarahiany Andriana ny Sakalava, ary nony vitan'izany, dia nilaza ny nihaviany ny Sakalava, ka nanao hoe :
- "Avy lavitra izany, tompoko, fa avy any Imenabe andrefana, ka nandeha nitady izay tompon'ny tany, ka tsy sahy nandeha antoandro izahay °fan-

Les Sakalaves dirent :

-9

- "Nous sommes peu nombreux et nous serions des ennemis du Roi ?

Certains autochtones dirent :

- "Ils ont sûrement raison, car étant si peu nombreux, comment oseraient-ils se comporter ici de façon douteuse ? Croyez-vous qu'ils ne tiennent pas à leur vie ? Mais venez donc, vous qui êtes là, et rapportons leurs paroles au Prince, car ils sont bien à plaindre, il se fait tard et ils attendent là inutilement.

Le Sakalavé le remercia beaucoup et fut satisfait.

Quand les gardes eurent reçu les remerciements, ils allèrent dire  
au Prince :

-10

- "Longue vie et bonne santé à vous, Monsieur. Parvenez à la vieillesse au milieu des Ambanilanitra. Soyez amer et rejeté par la mort, et soyez doux au goût de la justice afin que le peuple puisse vivre un bonheur paisible.

" Il y a là des étrangers qui vous cherchent, Monsieur. Ils parlent d'une drôle de façon, mais nous arrivons parfois à comprendre ce qu'ils disent.

-11

Le Prince dit :

-12

- "Dites-moi, vous autres, à quoi ressemblent ces gens ?

- "Ce sont, Monsieur, gens à belle allure, mais à la peau noire et au visage allongé.

- "Allez donc les faire monter que je les voie.

Alors les envoyés partirent pour introduire ces Sakalava et ils  
leur dirent :

-13

- "Montez donc, vous fait dire le Prince.

Les Sakalaves montèrent et c'est à Ampahimasina qu'ils rencontrèrent Andrianampoinimerina. Les Sakalaves firent au Roi les salutations d'usage, et ceci fait, les Sakalaves indiquèrent d'où ils venaient en disant:

- "Nous venons de loin, Monsieur, car nous venons du Menabe occidental, et nous sommes à la recherche de celui qui est le maître de la terre,

droa misy nananloka hoe, "Izaho no tompon'ny tany". Ary nony tonga tamin'iry tendronbohitra atao hoe Imangabe iry izahay, dia nitazana niantsinanana ka nahita ity tanàna lehibe misy valanena ity. Dia hoy izahay : tsy an'olonbelona io valanena io, fa an'Andriamanitra Mpanjaka ; ka andeh<sup>isika</sup> /hiakatra antoandro eo ".

14- Ary nony teo Ampivoriana (tsena) izahay, dia nanontany hoe :

- "Valamenan'iza ity ?

Dia hoy ny tao ampivoriana :

- "Itony angaha olona adala no tsy mahalala ny lapan'ny Mpanjaka, Andrianampoinimerina.

Dia hoy izahay :

- "Mba ento ho any amin'Andrianampoinimerina izahay, fa izay no haraniko (tadiaviko) indrindra.

15- Dia novazivaziny teo izahay, ary nony ela no niresahanay, dia misy namindrafo ka nitarika anay ho eo ambavahady, ary izany no nahazahoanay nampakateny aty aminao. Ary izao no ambaranay aminao Andrianampoinimerina, fa tarantitra aza marofy hianao, heken'Andriananahary volana (teny) ho soa manjaka ary ny tany, ho rain'ny Mpanjaka rehetra mandrakizay : Nintondra Andriananahary hitahy anao sy ny fanjakanao ahay (1), ka Andriananahary tsy roa arantany, fa mahefa ny zavatra rehetra, mpandresy ny fahavalonao, miaro ny basin'ny fahavalo tsy hipoaka, mampiforitra ny lefon'ny fahavalo, no mpanasitrana anao raha marary hianao, sy ho aron'ity tany sy fanjakana ity. Fa Andriamanitra tokoa izao nentinay ho aty aminao izao ka hana se-voho anao izy, fa hanolotra ny sakany avaratra sy atsimo ho anao, ary ny lavany andrefana sy antsinarina hanjakanao sy ny taranakao man rakizay.

---

1) Provincialisme. Izahay a été corrigé en ahay



Nous n'avons pas osé voyager de jour de peur que quelqu'un ne nous trompe en prétendant être le maître de la terre. Et quand nous arrivâmes sur ce sommet que l'on appelle Imangabe, nous regardâmes vers l'Est, et vîmes cette grande agglomération qui comporte une enceinte royale. Alors nous nous sommes dit : "Cette enceinte royale n'est à un simple mortel, mais à un Dieu Souverain ; c'est pourquoi, nous y monterons en plein jour.

" Et quand nous sommes arrivés au marché, nous avons demandé : -14

- "A qui est cette enceinte royale ?

Les gens qui étaient au marché, dirent :

- "Ces gens seraient-ils idiots pour ne pas connaître le palais du Roi Andrianampoinimerina.

Nous dûmes alors :

- "Conduisez-nous, voulez-vous, chez Andrianampoinimerina, car c'est ce que nous désirons au plus haut point.

" Alors ils nous plaisantèrent, et quand nous eûmes longtemps discuté, il y en eut qui nous prirent en pitié et qui nous conduisirent jusqu'à la porte de l'enceinte, et c'est ainsi que nous avons obtenu de vous faire parvenir un message. Et voici ce dont nous avons à vous informer, Andrianampoinimerina, Longue vie et bonne santé à Vous, puisse votre parole être agréée par Andriananahary afin que votre règne sur la terre soit béni et que vous soyez le père de tous les Rois pour toujours. Nous apportons un Andriananahary pour vous bénir, vous et votre royaume ; et c'est un Andriananahary qui n'a pas son pareil sur la terre, car saint, il est tout puissant sur toute chose, il est le vainqueur de vos ennemis, il empêche les fusils ennemis de partir, il plie les sagaies ennemies, il sera votre guérisseur si vous êtes malade, et la protection de cette terre et de <sup>ce</sup> royaume. Car c'est un Dieu ce que nous vous avons apporté, et il étendra les limites de votre autorité en vous offrant les étroits pays du nord et du sud et les longs pays de l'ouest et de l'est pour que vous y régniez, vous et votre descendance, pour l'éternité. -15

16- Fa Zanahary mpanjaka izy izao : fa lohan'ny mahery <sup>o</sup> any ny tany ; mpandrava-arotra <sup>o</sup> any ny mafy. Ka tsy miady an-kamoràna fa mpan-dresy be, mpaniba ny tsy mahalala rariny, ka atoavy fa Andriamanitra nentinay ho ana .

17- Raha mbola tsy tapaka akory ny tenin'ireo Sakalava ireo, fa nio-rina ao antsan'ny Andriana ilay teny hoe, Andriamanitra hanolotra ny tany hoanao", dia noraisin'Andrianampoinimerina ny tehina misy vola ny lohany sy ny terany, sy ampinga vola. Dia nihiaka sy nitavana teo Am-pahinasina izy, fa feno hafaliana loatra ny fony. Dia nitehaka avokoa ny tandapa ary n'loby ny vahoaka, fa Andrianampoinimerina moa no mi-tavana.

18- Ary nony tapitra nitavana ny Andriana, dia hoy izy :  
- "Arosoy ary ny teninareo fa tapaka teo.  
Dia nandroso ny teniny ny Sakalava hoe :

19- - "Sambatra sany manjaka hianao Andrianampoinimerina, fa nohatonin'Andriamanitra mahery tsy azo vidim-bola <sup>o</sup> amankariana, tsy azo takalozana andevo, tsy azo atakalo omby etc., fa hianao Andrianampoinimerina hiany no tiany hana azy ; fa hianao no nomen'Andriamanitra ny tany, ary ny hafa rehetra tsy nba tompony fa mpiharbo, ka izany no anatona-nay anao, fa tsy tany tompo ity tany ity, fa hianao irery hiany no nomen'Andriamanitra azy ; fa izay nanao azy ho mpanjaka dia <sup>o</sup> nolaviny Imanjaibola Andriamanitra, fa Andriamanitra manan-kery izy ka mifidy olon-karahina, ka hianao tokana hiany no tiany harahina, ka izany no itondranay azy aty aminao.

20- "Ka mananjara indrindra hianao harahin'Andriamanitra manan-kery tsy azo resena, marina ka tsy azo laingana. Tsy misy manana anarana tahak'azy anin'izao tontolo izao, fa ity no Imanjaibola mitohy voahan-gy sy mitohy volafetsy, mandeny vy, mitety ranobe

" En effet, il est le Zanahary qui donne l'autorité suprême, car -16  
il est la tête des puissants sur la terre, le destructeur de la diffi-  
culté dans l'adversité. Aussi refuse-t-il le combat facile, étant un  
grand vainqueur, le destructeur de ceux qui ne connaissent pas la jus-  
tice. Acceptez-le donc, car c'est le Dieu que nous vous avons apporté".

Alors que les propos de ces Sakalaves n'étaient pas encore termi- -17  
nés, déjà avaient fait leur chemin dans l'esprit du Roi ces mots qui  
disaient : "Dieu vous offrira la terre". Alors Andrianampoinimerina se  
saisit de la canne au pommeau et à la tige d'argent ainsi que du bouclier  
d'argent. Il lança des cris de défi et dansa de joie à Ampahimasina, car  
la joie débordait de son coeur. Tous les gens du palais battaient des  
mains et le peuple poussa des clameurs, puisque c'était Andrianampoini-  
merina qui dansait de joie.

Et lorsque le Prince eut achevé sa danse, il dit : -18  
- "Reprenez donc votre discours qui a été interrompu.  
Les Sakalaves poursuivirent leur discours ainsi :

- "Andrianampoinimerina, vous êtes heureux parmi les Rois, vous -19  
vers qui s'est rendu le Dieu puissant qu'on n'achète ni avec de l'argent  
ni avec des richesses, que l'on ne peut échanger contre des boeufs, etc.,  
car c'est vous seul Andrianampoinimerina qu'il veut avoir pour détenteur;  
c'est à vous que Dieu a donné la terre ; tous les autres n'en sont pas  
les maîtres et ne sont que des prétentieux - c'est pour cela que nous  
sommes venus vers toi, car cette terre n'a pas plusieurs maîtres, puis-  
que c'est à vous seul que Dieu l'a donné - et quiconque s'est dit roi,  
divin Imanjaibola l'a renié car il est le Dieu qui a la puissance et qui  
choisit les gens à suivre ; et c'est vous seul qu'il veut suivre. Et  
c'est pour cela que nous vous l'apportons.

Et vous avez reçu la meilleure part, vous que suit un Dieu dont -20  
la puissance est invincible et dont la justice est telle qu'on ne peut  
lui mentir. Aucun ne possède de nom semblable au sien dans tout l'Uni-  
vers, car celui-ci, c'est Imanjaibola qui enfile les perles de corail

toy ny mandeha °atampon-tanety, mandemy vato ho toy ny menaka.

21- Ity no Andriananahary tsy voatanan'ny mpanjaka osa, fa izay mahery ho tompon'ny tany no hatoniny, ka tsy nisy mahery nahatana azy.

22- Fa tao Imenabe andrefana °amy ny Sakalava nisy valamena, nefa tsy tompon'ny tany, ka tsy nahatana azy Andriamandanonarivo mpanjaka na dia natao aza ny sikidy sy ny fandemy hihazonany azy, fa tsy nety folaka ny sikidy ary tsy afaka ny faditra, fa hoy ny °fiteniny Imanjaibola aminay : "Ao ambony ao no misy Mpanjaka mahery hanjakan'ny satako, ka raha tsy hanatitra ahy hianareo dia mandeha hanatona izao mahery izao aho" ; koa natahotra ny ainay ho faty izahay raha mandika ny liliny (didiny) ka izany no niakaranay ho aty aminao Andrianampoinimerina, hitondra azy ho anao, hanambara ny soa hahatsara anao Mpanjaka, fa hianao no notadiaviny hitàna azy.

23- Dia faly Andrianampoinimerina raha nahare ny filazan'ireo Sakalava ka nampiditra an-trano azy, ka ny trano ao andrefan'Ampahimasina no nampidirany azy. Dia naterana fahana ireo Sakalava ireo, ka izao no fahana nomena azy : omby 1, vorona 30, vary 2 mifatra fotsiny, kitay 12 entana

24- Izany no fahana naroso hoan'ireo Sakalava 21 lahy ireo.

25- Dia faly ireo Sakalava ireo raha nohajaina toy izany, ka hoy izy :

et qui enfile l'argent, qui amollit le fer, qui traverse les grands fleuves de la même façon qu'il parcourt la crête des collines, qui amollit la pierre à tel point qu'elle a la consistance de la graisse.

" Voici l'Andriananahary que n'ont pu retenir les rois qui sont faibles ; parce qu'il désire se rapprocher de celui qui est si puissant qu'il deviendra le maître de la terre, et nul ne fut assez puissant pour pouvoir le retenir. -21

En effet, là-bas, dans le Menabe occidental chez les Sakalaves, il y avait une enceinte royale. Cependant le roi Andriamandanonarivo n'était pas le maître de la terre et ne le put retenir, même si l'on a usé de la divination par les graines et du fandemy (1) pour le retenir. Mais les graines ne voulurent pas plier, l'on ne put rien pour expier et Imanjaibola nous dit ces paroles : C'est là-haut qu'il y a un Monarque puissant conforme à mes exigences ; et si vous ne voulez pas m'y conduire, je partirai de moi-même pour rejoindre ce puissant". Aussi avons-nous eu peur de perdre notre vie, en transgressant ses décisions ; et voilà pourquoi nous sommes montés vers vous, Andrianampoinimerina, pour vous l'apporter, pour vous révéler le bien qui vous avantagera en tant que Monarque, puisque c'est entre vos mains qu'il voulait être remis". -22

Andrianampoinimerina fut enchanté d'entendre ce qu'annonçaient ces Sakalaves ; aussi leur fit-il l'hospitalité d'une maison et c'est dans la maison à l'ouest d'Ampanimasina qu'il les fit entrer. L'on porta des vivres à ces Sakalaves et voici le cadeau d'hospitalité qu'on leur fit : un boeuf, trente volailles, <sup>seulement</sup> deux mesures de riz, et douze charges de bois de chauffage. -23

Voilà le cadeau d'hospitalité que l'on servit à ces vingt-et-un Sakalaves. -24

Les Sakalaves furent heureux d'être ainsi honorés et ils dirent : -25

---

1) Fandemy : drogue pour affaiblir ; ici pour conjurer un destin trop puissant.

- 26- - "Vao itoy no tompon'ny tany tokoa",  
ka niarahaba (nisaotra) Andriana izy.
- 27- Ary nony afaka indroa andro, dia nampanalain'Andrianampoinimerina Ramiria (mpisikidin'Andriana) ka hoy izy :  
- "Mba anaovy hatsaràna aho, fa misy Andriamanitra tonga vohitra eto, na hahasoa ahy na tsia, na ho tanako na tsy ho tanako ?
- 28- Dia niteny Ramiria mpisikidin'Andriana, ka nanao hoe :  
- "Andrianampoinimerina o ! Halina aho dia notsindrian'izao Andriamanitra izao, ka Andriamanitra masina mahamasina anao izao Andriamani-baovao vao tonga izao, ka <sup>na</sup> dia tsy hanao sikidy intsony aza aho dia tsy mahay milaza fitaka aminao ; fa raha misy loza hanjo tsy mety ho tonga ao amiko izany Andriamanitra izany, fa sakanan'ny hasin'ny 12 Manjaka sy ny hasinao. Fa matokisa hianao Andrianampoinimerina, fa Andriamanitra marina tokoa io ka tsy misy fitaka.
- 29- Dia natoky izany tenin-dRamiria izany Andrianampoinimerina, ka ny Sakalava no notraviny tsara hilaza ny fombany sy ny mety hatao aminy rehetra.
- 30- Rehefa nandroso tsara ny fitiavany ny Sakalava -<sup>o</sup> hatramy ny andro herin'andro, dia vao izay vao nanontany ny <sup>o</sup> fombany Imanjaibola Andriamanitra <sup>o</sup> tany ny Sakalava Andrianampoinimerina.
- 31- Ny Sakalava koa moa dia tsy nanafina, fa nilaza tsara ny fombany <sup>o</sup> hatramy ny voalohany ka <sup>o</sup> hatramy ny farany, dia izao no filazany azy :
- 32- - "Ity Imanjaibola Andriamanitra ity, tompoko, dia Andriamanitra mifidy npanjaka sy mifidy vahoaka hitana azy, fa na dia olon-tianao aza no hampitananao azy, raha tsy tiany kosa dia miala izy, fa izay mitana azy hiany no tianao indrindra.

- "Enfin, voici effectivement le maître de la terre", et ils ren- -26  
dirent grâces au Prince.

Et, deux jours plus tard, Andrianampoinimerina fit venir Ramiria -27  
(devin du Prince), et lui dit :

- "Faites donc pour moi un examen décisif concernant le Dieu qui est ar-  
rivé dans notre ville ; me sera-t-il à bien ou non ? Faut-il que je le  
garde ou ne le faut-il pas ?

Ramiria, devin du Prince, prit la parole pour dire : -28

- "O Andrianampoinimerina ! Cette nuit, je fus chevauché par ce Dieu  
dont vous parlez. Ce nouveau Dieu nouvellement arrivé est un Dieu saint  
qui vous sanctifiera. Et même si je ne tire pas les graines, je ne sau-  
rai vous annoncer une tromperie ; si un malheur menaçait, ce Dieu n'au-  
rait pu arriver jusqu'à moi, car la puissance des Douze Régnants et vo-  
tre puissance lui auraient fait obstacle. De ce fait, ayez confiance,  
Andrianampoinimerina, car c'est réellement un Dieu juste et il n'y a  
nulle tromperie.

Andrianampoinimerina se fia aux paroles de Ramiria ; et il ma- -29  
nifesta beaucoup d'amitié aux Sakalaves pour que ceux-ci lui annoncent  
les exigences (du Dieu) et ce qu'il convenait de faire pour lui.

Lorsqu'il eut convenablement manifesté son amitié aux Sakalaves -30  
pendant une semaine, ce ne fut qu'alors qu'Andrianampoinimerina leur  
demanda quelles étaient les exigences de divin Imanjaibola.

D'ailleurs les Sakalaves, quant à eux, ne cachèrent rien, mais v -31  
révélèrent bien ses exigences de la première à la dernière. Voici ce  
qu'ils en dirent :

- "Ce Divin Imanjaibola, Monsieur, est un Dieu qui choisit les -32  
Rois et qui choisit les gens qui le détiendront, car, même si vous  
aimez l'homme à la garde de qui vous voulez le confier, si lui, de son  
côté ne l'aime pas, il s'en va. Et c'est à celui qui peut le garder  
que vous devez accorder votre préférence."

- 33- Ary tamin'izay dia Raombalahy<sup>o</sup> amy ny Itsimahafotsy no nitana any Imanjaibola Andriamanitra.
- 34- Dia nandroso tsara ny fitiavan'ny Andriana ireo Sakalava ireo, ka samy nomeny lamba sy omby ary andevo hanompo azy izy rehetra : lamba sarika 5 avy ary lamba landihazo 1 avy, andevo 3 avy, omby 12 avy.
- 35- Ireo no zavatra nomena ireo Sakalava ireo, natao falimpò taniny. Dia nilaza ny<sup>o</sup> fombany Imanjaibola rehetra izy, sady nandoka azy hoe :
- 36- -"Ity, tompokolahy, dia Andriamanitra mahery indrindra ka raha manana Andriamanitra mahery hianao Andrianampoinimerina dia andeha hifokana ny heriny : fa izao Andriamanitra rehetra izao dia manoa (manaiiky) azy avokoa, fa ambonin'ny masina rehetra izy. Nefa tsy miady raha hanasoa anao Andrianampoinimerina, fa mahay mifanaraka tsara izy sy izay Andriamanitra hanasoa anao Mpanjaka ; fa raha misy Andriamani-  
tra manao hafahafa dia levoniny Imanjaibola Andriamanitra, fa izy no mpanimba izay hanao ratsy ary manampy hery izay hanao soa ; izany no maha Imanjaibola azy, mpitondra famindram-po sy fitiavana tanteraka ary mampisandratra ny olona izay tia azy. Isany anie tompoko, no anton'ity Imanjaibola Andriamanitra ity.
- 37- Ary izao no fadiny :
- 1 - Tsy homana voan-kena.
  - 2 - Tsy homan-tsifotra.
  - 3 - Tsy homan-tongolo raha mitahiry azy.
  - 4 - Tsy homana beroberoka.
  - 5 - Tsy homana osy.
  - 6 - Tsy mandro am-binanin-drano.
  - 7 - Tsy mitana mahazaka.
  - 8 - Tsy mandika basy.
  - 9 - Tsy mandika fanoto.



Et alors ce fut Raombalahy des Tsimahafotsy qui garda divin Imanjaibola. -33

Les manifestations de l'amitié du Prince à l'égard des Sakalaves augmentèrent, et à tous il donna des toges, des boeufs et des esclaves pour les servir : cinq toges en fibres de bananier à chacun, une toge en coton à chacun, trois esclaves à chacun, douze boeufs à chacun. -34

Voici les choses qu'on donna à ces Sakalaves ; cela leur fut donné en signe de satisfaction. Ils énumérèrent alors toutes les exigences d'Imanjaibola, tout en le vantant : -35

- "Celui-ci, Monsieur, est un Dieu des plus puissants, et si vous, Andrianampoinimerina, vous avez un Dieu puissant, organisons un pari sur leur force. En effet, tous les Dieux se soumettent à lui, car il est au-dessus de tous les saints. Toutefois il ne les combat pas s'il vous font du bien, à vous Andrianampoinimerina, car lui et les Dieux qui vous feront du bien à vous le Roi, savent bien s'entendre. Mais s'il y a un Dieu qui a une conduite douteuse, divin Imanjaibola le réduira en cendres, car il est celui qui détruit quiconque veut faire le mal, et celui qui augmente la force de quiconque veut faire le bien. C'est cela qui fait qu'il est Imanjaibola, celui qui apporte la compassion et l'amour parfait et qui élève les gens qui l'aiment. C'est bien cela, Monsieur, la raison d'être de ce divin Imanjaibola. -36

Et voici ses interdits :

- 1 - On ne mange pas de rognons.
  - 2 - On ne mange pas d'escargots.
  - 3 - On ne mange pas d'oignon, si on le garde.
  - 4 - On ne mange pas de laiteron.
  - 5 - On ne mange pas de chèvre.
  - 6 - On ne se baigne pas au confluent des rivières.
  - 7 - On ne brûle pas de corde.
  - 8 - On n'enjambe pas un fusil.
  - 9 - On n'enjambe pas un pilon.
- 37

- 10 - Tsy mitaina<sup>o</sup> vakin-pataka.
  - 11 - Tsy mihina-kena ratsy raha ho eo<sup>o</sup> amy ny Imanjaibola Andriamanitra.
  - 12 - Tsy mihina a tonon' avadika.
  - 13 - Tsy mihina-kanina maizina.
  - 14 - Tsy mihina a anamafaitra.
  - 15 - Tsy ialohana raha miady any an-tafika.
  - 16 - Tsy miditra an-paty ny mpitahiry azy.
  - 17 - Tsy mitafy lamba tohiloha ny mpitahiry azy.
  - 18 - Tsy avela ho fati-afon' ao<sup>o</sup> amy ny trano misy azy.
  - 19 - Ny ranony tsy azo androan' andevo.
  - 20 - Tsy mitahiry vary tsy ofa.
  - 21 - Tsy idiran-koririka ao an-trano misy azy.
  - 22 - Tsy itainana ombiaty ny trano misy azy.
  - 23 - Tsy idiran-berona ny trano misy azy.
  - 24 - Tsy monina<sup>o</sup> amy ny trano-tany ny mpitahiry azy.
  - 25 - Tsy mitahiry vilany bory ny mpitahiry azy.
  - 26 - Tsy atao trano avo avaratra<sup>ny</sup> /trano misy azy.
  - 27 - Tsy asiana rinana ny trano misy azy.
  - 28 - Tsy itenenenana hoe : naty, ny trano misy azy.
  - 29 - Tsy mipetraka<sup>o</sup> amy ny<sup>o</sup> sapanan-dalana ny mitahiry azy.
  - 30 - Tsy fafana alina ny trano misy azy.
  - 31 - Tsy sasana alina ny villa<sup>o</sup> ao an-trano misy azy.
  - 32 - Tsy mihinan-drongony ao an-trano misy azy.
  - 33 - Tsy hidiana ny trano misy azy.
  - 34 - Tsy ivoahana afo ny trano misy azy.
  - 35 - Tsy azo anozonan' olona ny trano misy azy.
- Ireo voalaza ireo no<sup>o</sup> fadiny Imanjaibola Andriamanitra, ka izay mandika ireo dia boka etc., ny voan-kena tsy azo hanina mandrakizay.

- 10 - On ne brûle pas de morceaux de fantaka.
  - 11 - On ne mange pas de viande de funérailles quand on va aller chez divin Imanjaibola.
  - 12 - On ne mange pas de grillades retournées.
  - 13 - On ne prend pas ses repas dans le noir.
  - 14 - On ne mange pas de brède martin (1).
  - 15 - On ne le précède pas quand il combat dans une expédition militaire.
  - 16 - Ses gardiens ne l'ont pas de visite lors des décès.
  - 17 - Ses gardiens ne s'habillent pas de toge recousue bord à bord (2).
  - 18 - On ne laisse <sup>pas</sup> mourir le feu dans la maison où il se trouve.
  - 19 - Dans son eau, les esclaves n'ont pas le droit de se baigner.
  - 20 - On ne conserve pas de riz qui n'est pas blanchi.
  - 21 - On ne rentre pas de gouet dans la maison où il se trouve.
  - 22 - On ne brûle pas de vernonie dans la maison où il se trouve.
  - 23 - On ne rentre pas de volailles dans la maison où il se trouve.
  - 24 - Ses gardiens n'habitent pas dans des maisons en terre.
  - 25 - Ses gardiens ne conservent pas de marmites sans anses.
  - 26 - On ne fait pas de raison élevée au nord de la maison où il se trouve.
  - 27 - On ne met <sup>pas</sup> d'étage à la maison dans laquelle il se trouve.
  - 28 - On ne prononce pas le mot "mort" dans la maison où il se trouve.
  - 29 - Ses gardiens ne s'installent pas à la croisée des chemins.
  - 30 - On ne balaie pas de nuit la maison où il se trouve.
  - 31 - On ne lave <sup>les assiettes</sup> pas/de nuit dans la maison où il se trouve.
  - 32 - On ne consomme pas le chanvre dans la maison où il se trouve.
  - 33 - On ne ferme pas à clef la maison où il se trouve.
  - 34 - On ne sort pas de feu de la maison où il se trouve.
  - 35 - On ne peut maudire personne dans la maison où il se trouve.
- Tels sont les interdits de divin Imanjaibola, et qui les transgresse, devient lépreux etc.. L'interdit des rognons est établi pour l'éternité.

---

1) Ou bien de brède amère.

2) Lamba tohiloha : l'on nomme ainsi une toge remise en état : quand le milieu en est usé, on la coupe et on recoud ensemble (tohy) les bords extérieurs (loha)

Sorona

Ary izao kosa no sorona fanao <sup>o</sup> any ny Imanjaibola Andriamanitra sy antony indrindra :

- 1 - Raha hihaona aminy dia manasina azy <sup>o</sup> any ny vola-tsivaky.
- 2 - Raha hanatona hivavaka aminy, dia mitondra tsihy hisatra iray vao-vao sy vola eja anambatry 3 hanasinana azy.
- 3 - Raha hiafana (mila ho sitraniny) aminy, dia tandremana tsara ny hena hoan'ny marary, fandrao andrahoana <sup>o</sup> any ny vilany efa nandrahoana hena-ratsy.
- 4 - Raha tonga ny fandroana, dia manome omby volavita sy omby volotakatra sady mirary (mandihy) ny vehivavy.
- 5 - Dia alaina ny fary manga raiki-bolololona sy ny akondro vokatra (<sup>o</sup> masakifotony) aterina ho fanomezam-boninahitra azy.
- 6 - Manatitra nasom-bola nivady sy voahangy nivady ho azy, fa izany no fanao ankasitrahany indrindra, ka izay mahafoy izany no mahazo zaza <sup>o</sup> any ny Imanjaibola Andriamanitra.
- 7 - Izay manatitra lamba tsivaki-vitrana koa no mahazo fitahiana aminy, hoan'ny mpitahiry azy io lamba io.
- 8 - Raha tafiditra ao <sup>o</sup> any ny trano nisy azy ny olona ka ilatsahan'ny molaly dia faly ka milelaka ny molaly sady miteny hoe :  
- "Ho mainti-molaly anie aho Andriamanitra Andriananahary :  
"Tahio andro aho, tahio alina aho,  
"Fa hianao Imanjaibola Andriamanitra no nahalava ny tongotro aman-tanako".
- 9 - Raha <sup>o</sup> hian-tafika dia mangataka <sup>o</sup> any ny Imanjaibola hoe : "Anao ny ady ry Imanjaibola ka reseo".
- 10 - Raha mikotroka ka nisy havandra na ranbon-danitra, dia miteny aminy hoe : "Anao ny saha ry Imanjaibola Andriamanitra dia mitsahatra sy tony anir'izay ny oran-dratsy.

### Les Sacrifices

Et voici par ailleurs, les sacrifices que l'on fait habituellement à divin Imanjaibola et ce pourquoi on les fait plus particulièrement :

-38

1 - Lorsqu'on lui rend visite, on lui fait l'offrande de la monnaie-entière.

2 - Lorsqu'on veut s'en approcher pour le prier, on apporte une natte d'écorce de souchet neuve et une somme de 4 sous pour lui faire offrande.

3 - Lorsqu'on vient lui demander une guérison, on prend bien garde à la viande destinée au malade, de peur qu'on ne la fasse cuire dans une marmite où l'on a déjà cuit de la viande de funérailles.

4 - Quand arrive la fête du Bain, on tue un boeuf volavita et un taureau couleur d'ombrette, pendant que les femmes le prient en dansant.

5 - Et l'on prend une belle canne à sucre qui a de jeunes pousses encore roulées en spirales et des bananes mûries sur pied que l'on porte pour lui faire honneur.

6 - On porte une paire d'anneaux d'argent et une paire de perles de corail, car c'est ce qu'il agrée le plus et quiconque lui en fait cadeau, obtient des enfants du divin Imanjaibola.

7 - De même, ceux qui offrent une toge tissée d'une seule pièce, obtiennent sa bénédiction ; cette toge échoit à ses gardiens.

8 - Si des gens sont entrés dans la maison où il se trouve et qu'il leur tombe dessus de la suie, ils sont heureux et lèchent la suie en disant "Fasse Andriamanitra Andriananahary que je sois noir de suie : bénis-moi le jour, bénis-moi la nuit, car c'est toi divin Imanjaibola qui fis pousser mes pieds et mes mains".

9 - Si on part à la guerre, on prie Imanjaibola en ces termes : "C'est à toi qu'appartient la guerre, ô Imanjaibola ; aussi est-ce à toi de vaincre".

10 - S'il tonne et qu'il y ait de la grêle ou une trombe, on lui dit : "C'est à toi qu'appartiennent les champs (1), ô divin Imanjaibola" ; et la mauvaise pluie cesse et s'apaise alors.

---

1) Saha : peut également signifier ici : eau, fleuve, rivière ; il est probable que le mot a pris le sens de champ à partir de la culture irriguée.

- 39- Izany no fomba fanao sorona <sup>o</sup> any ny Imanjaibola Andriamanitra, raha sorona f' havaratra, lohataona, ririnina, dia ireo 10 loha ireo no tononina, nody miantso ny ..... (1) hoe :
- 40- -"Tany ny : Ifanomena sy Imangilihily sy Inodengina sy Inafai-  
bahatra sy It' androlaza sy Imihina sy Rereosepirio sy Rehazilay sy  
Romasimbama sy Ikiboandrano sy Imangaingaina sy Inaronilasoa sy ny  
namany niara-tonga taniny etc.
- 41- " Koa na ny voatonona na ny tsy voatonona etc., dia hahasoa ha-  
hatsara anio Andriamanitra Andriananahary.
- 42- Rehefa voalaza toy izany avokoa ireo fombany Imanjaibola Andria-  
manitra, dia lasa nody ireo Sakalava, ka Raombalahy (tsimahafotsy) no  
nitàna any Imanjaibola Andriamanitra tao Ambohimanga.
- 43- Ary nony taty aoriana dia niady ny tsimahafotsy sy ny tsiniambo-  
holahy, fa samy te-ho tian'Andriana moa, ka nifanao andainy hifamely.
- 44- Voalohany dia nifamely diamanga, ka resy ny tsimahafotsy ; dia  
nifanao vikina ka resy hiany ny tsimahafotsy ; dia nifanisa indray  
ka vitsy ny tsimahafotsy.
- 45- Rehefa resy hatrany ny tsimahafotsy, dia izao kosa no fitsarana  
nataon'Andrianampoininerina azy : "Nampandoaviny ariary 1000 ny tsi-  
mahafotsy hoan'ny tsiniamboholahy dia sany hipetraka <sup>o</sup> any ny nitoerany  
avy izy roatonta.
- 46- Dia niteny ny tsimahafotsy hoe :  
- "Masi-mandidy hianao Andrianampoininerina.

---

1) Ces points de suspension existent dans le manuscrit.

C'est ainsi que l'on respecte les rites des sacrifices faits à divin Imanjaibola, s'il s'agit des sacrifices de la saison des orages, du printemps et de l'hiver. C'est à ces dix sortes de sacrifices que l'on fait appel, en même temps que l'on invoque les (la ou les) ..... en disant :

